

Talata 06 oktobra 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fametrahana ny Vaomiera misahana ny fandalinana sy ny famolavolana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fananganana ny “*Office des Transmissions Militaires de l'Etat*” (OTME).
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'i Madagasikara ny fivoriana fahenina ataon'ny Kômity miady amin'ny famotsiam-bola sy famatsiana ny fampihorohoroana ao amin'ny vondrona SADC, izay hatao any Nosy Be ny 25, 26 sy 27 novambra ho avy izao.

GOVERNEMANTA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitry ny fanombanana ireo fiantraikany sy filàm-piarenana sy fanarenana taorian'ny rivodoza trôpikaly mahery vaika Gezani.
(Communication verbale relative au rapport d'évaluation des impacts et des besoins de relèvement et de reconstruction à la suite du cyclone tropical intense Gezani).

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fandraisana an-tanana ny hetra sy ny haban-tseranana mifandraika amin'ny fanafarana ireo fitaovana miaramila ao anatin'ny fampiharana ny fifanarahana momba ny fanampiana ara-miaramila omen'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Sina ho an'ny Repoblikan'i Madagasikara.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hirosoana amin'ny fanatanterahana ny fandaniana mifandraika amin'ny asa fanamboarana sekoly miisa roa, ahitana efitra telo avy sy toeram-pidiovana ao amin'ny Distrikan'i Farafangana.
- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny drafitrana ho fampiharana ireo tolo-kevitra voarakitra ao anatin'ny Tatitry ny fanampiana ara-tekinika momba ny fizahana ny fitantanana sy ny faharefoana manoloana ny kolikoly, navoakan'ny Tahirim-bola Iraisampirenena (FMI), septambra 2026.

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny toe-draharaha mikasika ny rafitra e-Visa-MADA OZI.

MINISITERA MISAHANA NY FANAVAOZANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra momba ny atrikasa fifampidinihana ara-paikady momba ny fanavaozana isan-tschatra ao anatin'ny rafitry ny fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara, tontosa ny 17 septambra 2026.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fiaraha-mamatsy vola ny *Cycle de Subvention 8 (CS8)* an'ny *Fonds mondial* ho an'ny vanim-potoana 2027-2029.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana hananganana Kômity vonjimaika ao amin'ny Oniversiten'Itasy.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanamarihana amin'ny fomba ôfisialy ny fidirana amin'ny Taom-panofanana 2026-2027 ho an'ny Fampianarana Tekinika sy Fanofanana Araka Asa izay hatao eto Antananarivo ny 26 sy ny 27 novambra ho avy izao.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanaingana ny hoenti-manana eo anivon'ny Tetika Fampaharetana ny Rafitra Ara-tsakafo eto Madagasikara (*FSRP*) ho famatsiana ara-bola ny ady atao amin'ny valala mandritra ny taona 2026-2027.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fiarovana ny fananan-tanin'ny SIRAMA S.A. ho fanatanterahana indray ny asa famokarana ao amin'ny Orinasa.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tatitra momba ny ezaka natao nentina nanatsarana ny seham-pihariana kakaô.



MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny famelomana indray amin'ny fomba ara-dalàna ny fanondranana volamena mba ho fampidirana misimisy kokoa ny volam-panjakana sy iadiana amin'ny fanondranana an-tsokosoko.

MINISITERAN' NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahan-dalana hampihenana ny fe-potoana famoahana ny Antso Tolotra Misokatra mikasika ireo tetikasa laharam-pahamchana momba ny fotodrafitrasa famatsian-drano fisotro madio, fanadiovana ary fanarenana fotodrafitrasa.

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanavaozana ny *PIP* anatin'ny *MEAH* ho an'ny taom-piasana 2026.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny ampahany amin'ireo fandaniana mifandraika amin'ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ireo fifaninanana ara-panatanjahantena iraisampirenena.

II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolanina ny didim-panjakana ananganana ny Kaomisaria Ambony an'ny Tanora miadidy ny firotsahana amin'ny fiainam-pirenena sy ny ady amin'ny kolikoky (*Haut-Commissariat de la Jeunesse en charge de l'Engagement Citoyen et de la Lutte contre la Corruption*), ary amerana ireo iraka sy anjara raharaha ary koa ny fomba fiasany.



GOVERNEMANTA

- Nolanina ny didim-panjakana anambarana ho asa fanasoavam-bahoaka ireo asa fanajariana ny lalana ho an'ny Tombontsoan'ny Faritany RIP107 mampitohy an'Amboasary, Behara, Tranomaro, Mahaly sy Tsivory, ireo asa fanarenana ny lalan-tany ao Tsivory sy ny fanorenana ny trano fandalovana ao Andabolava ary anaovana ny fahazoana ifanarahana na amin'ny alalan'ny fandroahana ho an'ny tombontsoan'ny besinimaro ireo sombin-tany samihafa na ampahan-tany, kariera, trano fandalovana sy/na fanana-mifaka voakasik'izany asa izany.

(Projet de décret déclarant d'utilité publique les travaux d'aménagement de la Route d'Intérêt Provincial RIP107 reliant Amboasary, Behara, Tranomaro, Mahaly et Tsivory, les travaux de réhabilitation de la piste d'atterrissage à Tsivory et de construction de Gîtes d'étapes à Andabolava et portant acquisition par voie amiable ou par expropriation pour cause d'utilité publique des diverses parcelles de terrains ou parties de parcelles de terrains, carrières, gîtes et/ou immeubles touchés par ces travaux).

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nolanina ny didim-panjakana hametrahana ireo tsipika fototra izay iaingana handrefesana ny haben'ireo fari-dranomasina samihafa izay eo ambany fahcfan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nolanina ny volavolan-dalana manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny fehezan-dalana momba ny paika ady hloka.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nolanina ny didim-panjakana manao taky baiko (*réquisition*) ny orinasa JIRAMA hanao sonia fifanarahana fividianana mivantana milina mpamokatra herinaratra *diesel* miisa valo ambin'ny folo (18) amin'ny orinasa manana andraikitra voafetra araka ny lalana rosianina antsoina hoc "*Malmekhservice*".

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA + MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nolanina ny didim-panjakana manome fahazoan-dalana manokana ny orinasa "*VYMAD*", miorina ao Morarano Alarobia, Antananarivo, hanondrana fako vy tsy mety harafesina (*ferraille inox*).



III. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- **2282/26.-** Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-020 tamin'ny 8 janoary 2026 nanendry ny Sekretera Jeneraly teo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

Antananarivo, 06 oktobra 2026,

Rahajason Harry Laurent

Talen'ny Serasera

eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika

